REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana




# Ben'ny Tanàna

## Ny tsara ho fantatra

Novokarin'ny :

MEFT
MINISITERAN'NY FITSINJARAM-PAHEFANA SY NY FANAJARIANA NY TANY

Tarihin'ny :

INDDL
INSTITUT NATIONAL DE LA DECENTRALISATION ET DU DEVELOPPEMENT LOCAL

Oktobra 2024

# Fanoroam-pejy :

**Teny fanorolorana** ........ p.3

**I.** Ny Ben'ny Tanàna ........ p.4

**II.** Ny fanombohan-draharaha amin'ny maha Ben'ny Tanàna ........ p.6

**III.** Ny fanombohan'ny fitantanana ........ p.7

**IV.** Ben'ny Tanàna, lehiben'ny fitantanan-draharahan'ny kaominina ........ p.8

A). Fitantanana ny mpiasa ........ p.8

B). Fitantanana ny raharaham-panjakana ........ p.11

C). Fitantanana ny fitaovana sy ny fananan'ny Kaominina ........ p.14

**V.** Ben'ny Tanàna, lehiben'ny fitantanam-bolan'ny Kaominina ........ p.16

**VI.** Ben'ny Tanàna, lehiben'ny sora-piankohonana ........ p.19

**VII.** Ben'ny Tanàna, tompon-draharaha sy mpitarika ny asa fampandrosoana ........ p.22

**VIII.** Ben'ny Tanàna, mpitantana ny fananan-tany sy ny fanajariana ny tany eny ifotony ........ p.25

**IX.** Ben'ny Tanàna, tompon'andraikitry ny filaminana ........ p.30

**Ny fanaraha-maso ny andraikitra sahanin'ny Ben'ny Tanàna** ........ p.32

# Ben'ny tanàna mahomby, antoky ny fandrosoan'ny Kaominina




Ny tsara ho fantatra p. 2

# Teny fanolorana

Ny fahaiza-miasa sy ny fahaiza-mitarika ananan'ny Ben'ny Tanàna no fototra iankinan'ny fivoarana sy ny fampadrosoana ao amin'ny Kaominina iadidiny. Noho izany dia natao ity torolalana ity hamintina ireo andraikitra fototra iantsorohan'ny Ben'ny Tanàna mifandraika amin'ny didy amandalàna misy, ny tsara ho fantatra ary ny fitandremana ilaina.

Natao ihany koa ity hampahafantarana ny Ben'ny tanàna sy ireo mpisehatra eny ifotony ny tokony ho tandrovana sy ny tsara ho fantatra mahakasika ny fitantanana-draharaha kaominaly.

Santatra am-bava-rano ihany izy ity ary tantsoroka ankapobeny ihany no ho hita ato fa ny antsipirihiny dia azo alalinina any anatin'ireo torolalana sy boky isan-karazany izay hita ao anaty tranonkalan'ny Ministera sy ireo ivon-toerana fanovozam-pahalalana momba ny fitantanana ny Kaominina eny amin'ny Distrika.



# I. Ny Ben'ny Tanàna :

Ny Ben'ny Tanàna dia olom-boafidy natao hitantana ny Kaominina mandritry ny dimy (5) taona azo havaozina. Ny andraikitry ny Ben'ny Tanàna dia tsy andraisana karama na tombontsoa manokana hafa ankoatry ny tambin-karama izay efa voafaritry ny didy aman-dàlàna manan-kery (didi-pitondrana laharana 2018-162 sy 2018-427).

Ny Ben'ny Tanàna no tompon'andraikitra voalohany eny anivon'ny Kaominina. Izy no miantoka ny fampandehanana sy ny fampandrosoana ny kaominina, ary ny fiarovana ny tombon-tsoa tokony hiverina any amin'ny mponina.






Ny Ben'ny Tanàna no tompon'andrakitra voalohany amin'ny :

- Fitantanana ny Kaominina: ny vola, ny mpiasa ary ny fananan'ny Kaominina ;
- Firaketana ny soram-piankohonana ;
- Fampandrosoana ara-tsosialy sy ara-toe-karena ny Kaominina;
- Fitantanana ny Fanomezana karatany, fitarihana ny fitsirihana tany eny ifotony ;
- Fampandehanana ny raharaham-panjakana sy ny fandaminana anatiny,

# II. Ny Fanombohan-draharahan'ny Ben'ny Tanàna :

Ireo mari-pamatarana mampiavaka ny Ben'ny Tanàna :



- Ny didim-pitsarana manambara ny vokam-pifidianana nahavoafidy azy ;
- Ny Samboady miloko sainam-pirenena, aodidina ny valahana ;
- Ny tombokasean'ny Kaominina sy ireo famantarana ofisialy ny fifamindram-pahefana.

Ireo dingana fanombohana ny andraikitra maha Ben'ny Tanàna :

**1** Fihaonana amin'ny Solotenam-panjakana Mahefa : ho fanomanana ny famindram-pahefana




**2** Famindram-pahefana, manaraka ny torolàlana



**3** Fanombohan'ny fandraisana ny fitantanana



# III. Ny Fanombohana ny fitantanana :

- Fametrahana ny Sonia *«specimen de signature»* amin'ny rafitra mila ny sonian'ny Ben'ny tànàna toy: ny Banky, ny *«imprimerie nationale»*, ny Fitsarana, sns ;
- Fivoriana voalohany iarahana amin'ny mpiasa ;
- Fanamarinana izay rehetra voarakitra sy voatanisa anatin'ny famindram-pahefana: ny sora-bola, ny fitaovana sy ny fananan'ny Kaominina, ny atontan-taratasy, ny rejistra sy boki-pitantanana samihafa, ny *«organigramme»,* sns.




# IV. Ben'ny Tanàna, lehiben'ny fitantanan-draharahan'ny Kaominina :

## A). Fitantanana ny mpiasa

***Ny tsara ho fantatra***



- Tsy mitovy ny sata mifehy ny mpiasa sy ny olona tendrena (oh: lefitry ny Ben'ny Tanàna) voafehin'ny lalàna ankapobeny momba ny asa ny fitantanana mpiasan'ny Kaominina, raha toa ka tambin-karama kosa no mifehy ny tompon'andraikitra tendrena ;
- Misy karazana organigramme navoakan'ny Ministera misahana ny Fitsinjaram-pahefana araky ny sokajy misy ny Kaominina ;
- Ny *«organigramme»* an'ny Kaominina dia raketina ao amin'ny «arreté» kaominaly/ monisipaly, rehefa tapaka avy ao amin'ny fivorian'ny mpanolo-tsaina kaominaly/ monisipaly.



## *Andraikitry ny Ben'ny tanàna* :

- Mandrindra ireo Servisy rehetra misy eo anivon'ny Kaominina ;
- Manao sonia ny fifanarahana arak'asa ifanaovana amin'ny mpiasa kaominaly ;
- Manendry ny tompon'andraikitra mpanatanteraka araky ny *«organigramme»* nolanian'ny mpanolon-tsaina ;
- Manao sonia fankatoavana ny fahazoan-dàlana tsy hiasa, ny *«congé»*, ny sazy ary ny fandroahana ny mpiasa manaraka ny lalàna manan-kery ;
- Manao sonia taratasy fanamarinana fandraisan-karama ho ny mpiasa (fiche de paie) sy ireo taratasy ilaina mikasika ny asa (actes administratifs).



*TANDREMO !*

- Tsy ara-dalàna ny mandroaka mpiasa tsy misy antony mazava voamarina araka ny lalàna manan-kery mifehy ny asa ;
- Tsy ara-dàlana ny mampiditra mpiasa vaovao tsy mifanaraka amin'ny *«organigramme»* manan-kery, sy ny fahefana ara-bolan'ny Kaominina ;
- Mila mifanaraka amin'ny *«organigramme»* notapahan'ny filan-kevitra ny isan'ny mpiasa sy ny isan'ireo tompon'andraikitra tendrena ;
- Ny fandaniana rehetra ho an'ny mpiasa dia tokony voarakitra ao anatin'ny teti-bolan'ny Kaominina.



## B). Fitantanana ny raharaham-panjakana

***Ny tsara ho fantatra***

- Efa misy ny torolàlana manome ny antsipirihiny mikasika ny fitantanan-draharaha ho an'ny Kaominina (www.prea.gov.mg) ;
- Azo afindra amin'ny Ben'ny Tanàna lefitra ny ampahany amin'ny andraikitra sasany ;
- An-tsoratra hatrany ny fifandraisana ifanaovana amin'ny Solontenam-panjakana sy ny rafi-panjakana samihafa ;
- Tsara manana ireo fitaovana sy kojakoja fampiasa anaty birao ny Kaominina mba hampandroso tsara ny asa iandraiketan'ny mpanatanteraka sy ny mpanolo-tsaina ;
- Samy tompon'andraikitra amin'ny fampandrosoana ny kaominina iantsorohany na ny Ben'ny Tanàna na ny Mpanolo-tsain' ny Tanàna.



## ***Andraikitry ny Ben'ny tanàna :***

- Mamoaka sy manao sonia ireo sora-draharaha ara-pitantanana (actes administratifs): ny didim-pitondrana (arrêté), ny fanapahana (decision), ny naoty (note de service), ny fampitana (circulaire) ;
- Misolo tena ny Kaominina amin'ny raharaham-pitsarana mahakasika azy ;
- Miantoka ny fifandraisana amin'ny rafi-panjakana sy ny rafitra samihafa ;
- Miantoka ny fampitana ara-potoana ireo tatitry ny fitantanana ny Kaominina...



## TANDREMO !

- Mila mahay manavaka ireo tandrifim-pahefana ananan'ny Ben'ny Tanàna sy ny mpanolo-tsaina ;

| Ben'ny tanàna | Mpanolo-tsaina |
|---|---|
| • Ny Ben'ny Tanàna sy ny lefiny no mandrafitra ny ao amin'ny mpanatanteraka ;<br>• «*Officiers d'état civil*» sy «*police administrative*» izy ireo ;<br>• Tompon'andraikitra voalohany amin'ny fitantanana ny kaominina, ary manatanteraka izay tapaky ny Mpanolo-tsaina. | • Mandany ireo asa aman-andraikitra rehetra tanterahan'ny Kaominina ;<br>• Mandany ny teti-bolan'ny kaominina sy manara-maso ny fomba fitantanan'ny Ben'ny Tanàna. |

- Ny fampiharana ny fanapahan-kevitry ny filankevitra ;
- Ny fitehirizana ny rejistra sy atontan-taratasy rehetra eo anivon'ny Kaominina ;
- Ny fandefasana any amin'ny solontenam-panjakana sy fanaovana peta-drindrina ho fampahafantarana ny sora-draharaha rehetra navoakan'ny Kaominina ;
- Ny fandefasana amin'ny solontenam-panjakana ny tatitry ny fitantanana ny Kaominina ;
- Ny fanaovana ny tatitry ny fitantanana ho an'ny olompirenena rehetra sy ny rafitra samihafa miara-miasa amin'ny Kaominina ho fanajana ny tamberin'andraikitra.



## C). Fitantanana ny fitaovana sy ny fananan'ny Kaominina

***Ny tsara ho fantatra***

- Misy ny lalàna sy fenitra mifehy ny fitantanana ny fitaovana sy ny fananan'ny Kaominina (Loi 2008-013, loi 2014-020) ;
- Afaka manatona ny solontenam-panjakana raha misy tsy dia mazava loatra.




***Andraikitry ny Ben'ny Tanàna :***

- Manangana ireo Kaomisiona takian'ny lalàna isahana ny fitantanana ny fitaovana sy ny fananan'ny Kaominina
- Manendry ireo mpikambana anatin'ny Kaomisiona sy ny *«dépositaire comptable»*
- Manamarina ny fampiasana na fitazoman'ny tsirairay ny fitaovana sy ny fananan'ny Kaominina ary koa ny fanisana (inventaire) izany isan-taona.
- Ny Mpanolo-tsaina no mandany ny fividianana sy ny fanekena ny fahasimban'ny fananan'ny Kaominina

***TANDREMO ! :***




- Tsy azo atao ny fivarotana tsy manara-dalàna na antsokosoko ny fitaovana sy fananan'ny Kaominina ;
- Ny fanaraha-maso ny fitantanana sy ny fampiasana ny fitaovana sy ny fananan'ny Kaominina dia ilaina atao matetika ;
- Alefa isan-taona any amin'ny solontenam-panjakana ny vokatry ny fanisana ny fitaovana sy ny fananan'ny Kaominina.



# V. Ben'ny Tanàna, lehiben'ny fitantanam-bolan'ny Kaominina :


***Ny tsara ho fantatra***

- Manaraka ny didy aman-dàlàna manan-kery ny fitantanana ny volan'ny Kaominina (didim-pitondrana laharana 2015-959) ;
- Tsy maintsy manomana tetibola sy mamoaka kaontim-pitantanana isan-taona ny Kaominina;
- Tompon'andraikitra voalohany eo anatrehan'ny lalàna ny mpitam-bola *«trésorier communal na ny TC»* amin'ny maha "comptable public" azy ireo ;
- Mila miezaka manatevina ny kitapom-bolany ny Kaominina satria voafetra ihany ny fanampiana azo avy amin'ny fanjakana foibe ;
- Efa voafaritra anaty torolalàna mikasika ny fitantananam-bola ny antsipirihin'izany rehetra izany ho an'ny Kaominina ambanivohitra sokajy faharoa.




***Andraikitry ny Ben'ny tanàna* :**

- Tompon'antoka amin'ny tsenam-barotra ara-panjakana;
- Mitarika ny ezaka fampidirana ny volan'ny Kaominina ;
- Manome alàlana ny famoahana sy ny fampidiram-bola eo anivon'ny Kaominina ;
- Manamarina sy manao sonia ny teti-bola sy ny kaotim-pitantanana.



## ***TANDREMO !***

- Tsy maintsy ankatoavin'ny filankevitra ny tetibola sy ny kaontim-pitantanana ;
- Alefa eny amin'ny Solontenam-panjakana ny tetibola sy ny kaontim-pitantanan'ny Kaominina ;
- Tsy ara-dalàna ny famoahana sy fampidiram-bola tsy voafaritra anatin'ny tetibolan'ny Kaominina ;
- Tokony hajaina ireo tetiandro famolavolana sy fandaniana ary fankatoavana ny tetibola enti-miasa sy ny kaontim-pitantanana ;
- Ny *"imprimés"* ara-panjakana vidiana eny amin'ny "imprimerie nationale" ihany no azo ampiasana amin'ny fampidirana na famoahana volan'ny Kaominina ;
- Hamarinina tsara ny taratasy rehetra momba ny fitantanam-bola alohan'ny anaovana Sonia amin'ny maha Ben'ny Tanàna.



# VI. Ben'ny tanàna, lehiben'ny sora-piankohonana :

***Ny tsara ho fantatra***

- Tandrifim-pahefana nankinin'ny lalàna amin'ny Kaominina ny fitantanana ny sora-piankohonana ;
- Azon'ny Ben'ny tanàna atao ny manendry ireo Lefiny ho mpiara-tompon'andraikitra aminy amin'ny sora-piankohonana.



## *Andraikitry ny Ben'ny Tanàna*

- Fanoratana anaty rejistra ny trangam-piainanan'ny olom-pirenena toy ny fahaterahana, ny fananganana, ny fanjanahana, ny fanariana, ny fanambadiana, ny fahafatesana ;
- Famoahana kopian'ireo sora-piankohonana ireo ;
- Fitarihana ny lanonana fanoratam-panambadiana.



## *TANDREMO !*



- Tsy azo atao ny fanoratana fanambadian'ny zaza tsy ampy taona raha tsy nahazoana alàlana manokana avy amin'ny fitsarana ;
- Eo amin'ny biraon'ny Kaominina no anaovana ny fanoratam-panambadiana ankoatry ny tranga nahazoana alàlana manokana avy amin'ny fitsarana ;
- Ampandalovina any amin'ny fitsarana ambaratonga voalohany ny boky rejistry ny sora-piankohonana ;
- Alefa any amin'ny fitsarana ihany koa ny dika mitovin'ireo boky rejistra rehefa feno ;
- Alefa isam-bolana any amin'ny Kaominina hafa nahaterahan'ny olona voakasika ny kopian'ny sora-piankohonana mirakitra ny fiovam-piainany (mentions en marge).



# VII. Ben'ny Tanàna, tompon-draharaha sy mpitarika ny asa fampandrosoana :

***Tsara ho fantatra***

Tompon'antoka voalohany amin'ny fampandrosoana ny Kaominina ny Ben'ny tanàna :



- Fandrafetana sy fanatanterahana ny politika sy ny drafi-pampandrosoana eny ifotony ;
- Fampandrosoana ara-toekarena, fanamorana sy fanentanana ny fampiroboroboana ny teo-karena ifotony (famokarana, varotra, fitaterana), fanajariana sy fitantanana ny lalana sy fifezivezen'ny vokatra ary ny fifamoivoizan'ny olona, fampiroboroboana ny fizahan-tany ifotony ;
- Fampandrosoana ara-tsosialy: fanabeazana fototra, rano sy fidiovana ary fahadiovana, fahasalamam-bahoaka ;
- Fiarovana ny tontolo iainana ;
- Manaraka ny fenitry ny fitantanana tsenam-panjakana ny fisafidianana ny mpanataterak'asa, sy ny fividianana akora na fitaovana ho an'ny tetikasa fanorenana na fanatsarana fotodrafitrasa ho an'ny Kaominina ;
- Fampiroboroboana ny fivelaran'ny vakoka sy ny kolotsaina ary ny fanatanjahan-tena eo anivon'ny Kaominina.

Afaka mitady ny tantsoroka avy amin'ny rafitra na olona manam-pahaizana manokana amin'ilay tetikasa raha toa ka tsy ampy ny fahaiza-manao eo anivon'ny Kaominina.



***Andraikitry ny Ben'ny tanàna* :**

- Mikaroka famatsiam-bola sy fiaraha-miasa amin'ireo mpiara-miobon'antoka ;
- Manao sonia sy manatanteraka ny fifanaraham-piara-miasa ;
- Manao sonia ny fifanarahana ifanaovana amin'ny mpiantok'asa rehetra amin'ny tetikasa fampandrosoana, toy ny asa fanorenana na fanatsarana fotodrafitrasa ;
- Manao ny serasera sy fifandraisana amin'ny rafi-panjakana sy ny mpiara-miombon'antoka.



***TANDREMO !***



- Mila fankatoavana avy amin'ny filankevitry ny Tanàna ny fifanarahana rehetra ifamatoran'ny Kaominina amin'ny rafitra hafa toy ny mpamatsy vola na fikambanana samihafa ;
- Mila mangarahara amin'ny fanatanterahana ny asa ;
- Tsara ny fampandraisan'anjara ny olompirenena, indrindra ireo sokajin'olona voakasika manokana amin'ny fanatanterahana sy ny fanjohina ny tetikasa ;
- Ilaina ny fanaovana tatitra ny fandroson'ny tetikasa sy ny tatitra farany, rehefa vita ny asa.



# VIII. Ben'ny Tanàna, mpitantana ny fananan-tany eny ifotony sy ny fanajariana ny tany :


*Tsara ho fantatra*

- Nomen'ny lalàna fahefana itantana ny fananan-tany ho an'ny tanin'olon-tsotra tsy vita titra ny Kaominina amin'ny alalan'ny famoahana ny karatany ;
- Misy ny lalàna mifehy ny fanajariana ny tany, ny fitantanana ny fananan-tany, ary ny toeram-ponenana ;
- Ny drafi-panajariana ny tany (SAC) ny birao ifotn'ny fananan-tany no fitaovana entin'ny Kaominina manatanteraka ireo tandrifim-pahefana ireo ;
- Fahefana tsy azon'ny Ben'ny tanàna afindra amin'ny Lefitra ny fanasoniavana karatany ;
- Tsara ny mametraka fiaraha-miasa matotra amin'ireo servisim-panjakana miandraikitra ny Fanajariana ny tany sy ny Fananan-tany.



## *Andraikitry ny Ben'ny tanàna*

- Manangana ny Kaomisiona misahana ny fitsirihina ny tany ka manendry ireo mpikambana ao amin'izany.
- Mitarika ny fitsirihina ifotony ;
- Mampihatra sy mampanaja ny lalàna mifehy ny fananan-tany ;
- Manome ny fahazoan-dàlana mahakasika ny fanajariana ny tany toy ny fanorenana, ny fandrodanana, ny fanotofana tany ao amin'ny faritry ny Kaominina.



**TANDREMO !**



- Tsy manapa-kevitra amin'ny asa fitsirihina ny mpiasan'ny Birao ifoton'ny fananan-tany fa kosa mpanamora ny asa fitsirihina ataon'ny Kaomisiona fotsiny ihany.
- Tsy andraikitry ny Kaominina ny tany efa vita titra ;
- Tsy andraikitry ny Kaominina ny asa fampihavanana amin'ny raharaha ady tany efa niakatra Fitsarana ;
- Mila hamarinina tsara ny antsipirihiny vao manao sonia ny kara-tany sy ny fahazoan-dàlana hanorina na hanototra tany ;
- Tsara ny miara-miasa akaiky amin'ny sampan-draharahan'ny Fanajariana ny tany amin'ny resaka fanomezan-dàlana fanorenana, fanotofana, sns ;
- Mila alefa any amin'ny ministeran'ny Fanajariana ny tany ireo antontan-taratasin-tany mirakitra ny fangatahana fahazahoan-dalana hanorina trano mihoatra ny 1 000 $m^2$.



*Tsara ho fantatra*

**Ireo fananam-panjakana ampiasain'ny daholobe na ny servisim-panjakana mivantana :**

Ireo fananam-panjakana voasokajy amin'ireto manaraka ireto dia tsy azo amidy, na atolotra, na atao anto-bola mihintsy :

- **Ireo tanim-panjakana voajanahary tsy azo amidy**, izay ahitana ny fari-dranomasina, ireo moron-dranomasina, ny kamory mifandray amin'ny ranomasina, ny ony mankany amin'ny ranomasina, ny renirano, lakan-drano sns - andraikitry ny Fanjakana foibe ireny

- **Ireo fananam-panjakana nohajariana miorina eo ambony tanim-panjakana tsy azo amidy :** ahitàna ireo seranam-tsambo, ireo fotodrafitrasa fiarovana ny moron'ireo rian-drano, ireo lavadrano nohajariana ampiasain'ny besinimaro,ireo lakan-drano, ireo lalam-panjakana rehetra amin'ny karazany avy, seranam-piaramanidina, ireo lalam-by sy ireo tany manodidina ilaina amin'ny fikojakojana azy ireo, ireo foto-drafitrasam-pifandraisan-davitra, ny onjam-peo sy fahitalavi-panjakana, ireo fotodrafitrasa sy fampitaovana ary toerana voajanahary natao hiarovana ny lafitany, ireo toeram-bakoka an'ny Fanjakana, ireo tsangambato, ireo fasana sy toeram-pandevenana ho an'ny daholobe - izy ireo dia andraikitry ny Fanjakana foibe na ny Kaominina arakaraka ny tetibola netsehina amin'ny fametrahana azy ireo ;

- **Ny tanim-panjakana tsy azo amidy nohon'ny fanasokajiana manokana :** ny fanasokajiana ireo tany ireo dia voafaritra ao anatin'ny fepetra manokana araka ny didy aman-dalàna : ny sora-draharaha anaovana  ny fanasokajiana no mametra ny tompon'andraikitra amin'ny fitantanana azy ireo (Fanjakana foibe na Kaominina).

***Tsara ho fantatra :***

**Ireo fananam-panjakana tsy ampiasain'ny daholobe na ny servisim-panjakana mivantana :**

Ireo fananam-panjakana voasokajy amin'ireto manaraka ireto dia azo amidy, na atolotry ny Fanjakana. Ny Kaominina koa dia mitantana ireo fananan'ny Kaominina voasokajy ao anatin'izany, toy ny :

- Ireo fanànana noesorina tsy ao anatin'ny sokajin'ny tanim-panjakana tsy azo amidy ;
- Ireo tany vita soratra amin'ny Kaominina, novidiana na natolotra ;
- Ireo fanànana azo tamin'ny alàlan'ny fampiasan'ny Fanjakana ny tany ;
- Ireo fanànana azo taorian'ny takalo teo amin'ny Kaominina andaniny sy ny Fanjakana foibe, na ny olon-tsotra, ankilany ;
- Ireo tany voasoratra azo noho ny fanomezana na tolotra.



# IX. Ben'ny Tanàna, tompon'andraikitry ny filaminana ao anatin'ny Kaominina :

***Tsara ho fantatra***

- Nomena fahefana itandro ny filaminana sy ny fandriam-pahalemana ao anatin'ny Kaominina iadidiny ny Ben'ny Tanàna ;
- Afaka mametraka pôlisy kaominaly izy hanatanteraka izany ;
- Eo ambany fanaraha-masom-pitantanan'ny solontenam-panjakana no iantsorohany izany fahefana izany ;
- Miara-miasa amin'ireo mpitandro ny filaminana izy amin'izany andraikiny izany.



## *TANDREMO !*

- Tsy mitovy ny fahefana fitandroana filaminana sahanin'ny Ben'ny Tanàna sy ny mpitandro filaminana toy ny polisy na zandary ;
- Fisorohana sy fitandroana « police administrative» no ataon'ny Ben'ny tanàna raha toa ka manana fahefana manasazy « *police judiciaire* » kosa ireo mpitandro filaminana.



# Ny fanaraha-maso ny andraikitra sahanin'ny Ben'ny Tanàna




- Ankoatry ny fanaraha-maso mivantana ataon'ny filankevitry ny Kaominina dia misy karazana fitilina sy faraha-maso hafa ihany koa ny fantanterahan'ny Ben'ny tanàna ny andraikiny ;
- Ny fanaraha-maso ataon'ny solontenam-panjakana mikasika ny fandraisana fanapaha-kevitra sy ny fanatanterahana ny andraikitry ny Ben'ny tanàna ;
- Ny fitsirihina (inspection) ataon'ireo tompon'andraikitra avy amin'ny sampandraharaham-panjakana misahana izany na ny *«inspection générale de l'Etat»* ;
- Ny fitsirihina na fanadihadiana manokana ataon'ny ny BIANCO aorian'ny fitarainana voaray amin'ny mety isian'ny kolikoly amin'ny fanatanterahan'ny Ben'ny Tànana ny andraikiny.

# Andinin-dalàna

## 1- Mahakasika ny fitantànana ny Kaominina

- Loi organique N° 2014 - 018 régissant les compétences, les modalités d'organisation et de fonctionnement des Collectivités territoriales décentralisées, ainsi que celles de la gestion de leurs propres affaires du 14 août 2014
- Loi n°2014 - 020 Relative aux ressources des Collectivités territoriales décentralisées, aux modalités d'élections, ainsi qu'à l'organisation et au fonctionnement et aux attributions de leurs organes du 20 Août 2014.
- Loi n°2014-021 du 12 septembre 2017 à la représentation de l'Etat
- Loi n°2018-027 relative à l'état civil
- Décret n° 2014 - 1929 fixant les modalités d'application de certaines dispositions de la loi n° 2014-021 du 12 septembre 2014 relative à la représentation de l'Etat
- Décret n°2015-592 du 1er avril 2015 portant classement des Communes en Communes urbaines ou Communes rurales modifié par le décret 2015-817 du 06 mai 2015
- Décret n°2015-957 du 16 juin 2015 relatif à la Structure Locale de Concertations des CTD.
- Décret n°2015-958 du 16 juin 2015 relatif à la Coopération Décentralisée.

## 2- Mahakasika ny fitantànana ny mpiasa

- Loi n° 2003-011 Portant Statut Général des Fonctionnaires
- Loi N° 94-025 du 17 Novembre 1994 relative au Statut Général des Agents non Encadrés de l'Etat (J.O. N° 2337 du 04 Décembre 1995);
- Décret N° 64-213 du 27 MAI 1964 portant réglementation des conditions d'emploi par les collectivités et organismes publics des personnels soumis à la réglementation générale du travail
- Décret N° 67-083 du 24 Février 1967 abrogeant certaines dispositions du Décret N° 64-214 du 27 mai 1964 fixant les conditions et les modalités de recrutement, de l'engagement et du licenciement et les rémunérations et avantages divers des agents soumis à la réglementation générale du travail et occupant des emplois de longue durée dans les services des collectivités et organismes publics.

## 3- Mahakasika ny fitantànana ny volan'ny Kaominina

- Décret n°2015-959 du 16 juin 2015 relatif à la gestion Financière et Budgétaire des CTDs.
- Décret n°2015-960 du 16 juin 2015 relatif aux attributions du Chef de l'exécutif des CTDs.

- Décret n°2017-867 du 27 septembre 2017 fixant les modalités de publications des subventions allouées aux Collectivités Territoriales Décentralisées.
- Décret n°2018-162 du 27 février 2018 fixant les avantages et indemnités alloués aux responsables des communes modifié et complété par le Décret n°2018-427 du 09 mai 2018
- Décret n°2005-003 du 4 janvier 2005 portant règlement général sur la comptabilité de l'exécution budgétaire des organismes publics
- Décret n°2007-863 du 4 octobre 2007 portant aménagement du Plan Comptable des Opérations Publiques (PCOP) 2006
- Arrêté n°21.149/2016 du 13 septembre 2016 fixant le régime comptable et financier des Communes rurales 2eme catégorie

### 4- Tsenam-baro-mpanjakana

- Loi n° 2016-055 du 25 janvier 2017 portant code des marchés publics
- Décret n°2019-1310 fixant les conditions de mise en œuvre des procédures applicables en passation de marchés publics

# Antontan-kevitra azo trandrahana

- Manuel de rédaction des  documents communaux UNDP
- Manuel de procédure administrative à l'usage des Communes 2018
- Manuel de procédure comptables des Communes rurales de 2e catégorie
- Manuel de procédure budgétaires des CR2
- PCOP : 2006
- Boîte à outils d'organisation GIZ
- Receuil des textes décentralisation
- Guide du Maire
- Recueil des textes sur le foncier
- Guide MOC FDL

# Ben'ny tanàna mahomby, antoky ny fandrosoan'ny Kaominina

